# Asa ho an'ny maty atao amin'ny andro farany

Ny Loholona John A. Widtsoe (1872–1952) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra mikasika ny iraka efa voatendry hatramin'ny voalohany nomena antsika mba hamonjena ny zanakalahy sy ny zanakavavin' Andriamanitra:



"Talohan'ity fiainana ity, tamin'ny fotoana nanaovana ny filan-kevitra lehibe, dia nanao fifanekena maromaro tamin'Ilay Tsitoha isika. Nanolotra drafitra ny Tompo, izay novolavolainy. Nanaiky izany isika. Satria natao ho an'ny olona rehetra ny tempoly, dia lasa anisan'ireo famonjena ho an'ny olona rehetra eo amin'izany drafitra izany isika. Nanaiky izany isika, tamin'izay fotoana izay, tsy ho mpamonjy ny tenantsika fotsiny, fa . . . ho mpamonjin'ny fianakavian'olombelona iray manontolo. Lasa mpiara-miasa amin' Andriamanitra isika. Ny fanatanterahana izany drafitra izany dia tsy lasa asan'ny Ray irery fotsiny intsony, na koa asan'ny Mpamonjy irery intsony, fa asantsika ihany koa. Ny bitika indrindra amintsika dia miara miasa amin'Ilay Tsitoha amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny drafitra mandrakizay ny famonjena ("The Worth of Souls," *Utah Genealogical and Historical Magazine,* ôkt. 1934, 189)" (ao amin'ny *Doctrine and Covenants and Church History: Gospel Doctrine Teacher's Manual* [1999], 173).



Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia namporisika ny tanoran'ny Fiangonana mba hanao asan'ny tempoly ho an'ny razamben'izy ireo:

"Ho fotoana nolaniana tamin'ny zavatra tsara ny fanaovanao asa any amin'ny tempoly na inona izany na inona, fa ny fanaovanao ôrdônansy isoloanao tena ny iray amin'ireo razambenao dia hahatonga ny fotoana lany any amin'ny tempoly ho masina kokoa, ary vao mainka ho lehibe kokoa aza ireo fitahiana ho azo. . . .

"Moa ve ianareo tanora maniry ny hanana fomba azo antoka hamongorana ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo? Mirotsaha lalina amin'ny fikarohana ireo razambenareo, omano ny anarany hanaovana ireo ôrdônansy masina isoloana tena any amin'ny tempoly ary avy eo mandehana any amin'ny tempoly mba hijoro eo amin'ny toerany sy hisolo tena azy ireo handray ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. . . . Tsy mahita fiarovana lehibe kokoa hafa noho izany aho eo anatrehan'ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo" ("Ny Fifaliana avy amin'ny Fanavotana ny Maty," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2012, 93–94).



Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanome ity fanasana sy fampanantenana manaraka ity:

"Manasa ireo tanoran'ny Fiangonana aho mba hianatra momba ny Fanahin'i Elia sy hiaina izany. Mamporisika anareo aho handalina, sy hikaroka momba ireo razambenareo ary hiomana hanatanteraka batisa amin'ny alalan'ny fisoloana tena ao amin'ny tranon'ny Tompo ho an'ireo *razambenareo* (jereo ny F&F 124:28–36). Ary mamporisika anareo aho hanampy ireo olona hafa hamantatra ny tantaram-pianakaviana.

"Raha toa ka manaiky amim-pinoana izany fanasana izany ianareo, dia hitodika any amin'ny ray ny fonareo. Hitoetra ao am-ponareo ny fampanantenana natao tamin'i Abrahama, sy i Isaka ary i Jakoba. Ilay tsodranon'ny patriarika voarainareo izay ahitana fanambarana momba ny rohim-pirazanana dia hampifandray anareo amin'ireo rainareo ireo ary ho lasa manan-danja bebe kokoa aminareo. Hitombo ny fitiavanareo sy ny fankasitrahanareo ireo razambenareo. Ho lalim-paka sy haharitra ny fijoroanareo ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny fiovam-ponareo hanaraka Azy. Ary mampanantena anareo aho fa ho voaro amin'ny fisarihana mahery vaika ataon'ny fahavalo ianareo. Ho voaro ianareo ao anatin'ny fahatanoranareo sy mandritra ny fiainanareo rehefa mandray anjara ao anatin'izany asa masina izany ary mitia izany" ("Hitodika ny Fon'ny Zanaka," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 26–27).



© 2015 ANNY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA